# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7495 | Taona faha-24 | Vidiny: 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Alatsinainy 13 febroary 2023


**ANDAVAMAMBA** 4

## MATY VOATSATOKA ANTSY TEO AMBANY HELINY ILAY ZAZALAHY

**MARINA IZANY !** 7

**LEFY SAHADY !**

**EKAR DIOSEZIN'I MAHAJANGA** 3



**TAFAPETRAKA AMIN'NY TOERANY NY EVEKA**

**TIM ALASORA** 7

**VONONA NY HAMPANDANY AN-DRAVALOMANANA M.**

**AMBATOBOENY - MAHAJANGA** 7



## NITONDRA TOHANA ARA-TSOSIALY HO AN'NY MPONINA NY FILOHA

**SENDIKAN'NY MPIRAKIDRAHARAHA** 2



**MITAKY HAMETRAHANA MINISITRA VAOVAO MAHAVAHA OLANA**

**HERY RAJAONARIMAMPIANINA** 7

## "MAIKA NY FIJERENA IFOTONY NY MAHA-RARY NY VAHOAKA ISAM-PARITRA"



**RUGBY - XXL ENERGY TOP 20** 3



**SAMY MANANA NY HEVINY IREO KLIOBA**




Sendikan'ny Mpirakidraharaha eto Madagasikara

# Mitaky ny hametrahana minisitra vaovao mahavaha olana

Nandefitra nandritra ny taona maro ny mpirakidraharaha eto Madagasikara mikasika an'ireo fitakiana maro efa nangatahin'izy ireo hatramin'izay. *''Amin'izao, rehefa tafahoatra loatra ny sazy ampiharina aminay izay mitaky ny zonay dia mitaky ny hametrahana minisitra vaovao mahavaha olana izahay. Olona mahatapaka ahitra, mahavaha ny olanay fa tsy minisitra mpanao atsonjay sy mpanao "didiko fe lehibe" tahaka ny misy amin'izao. Tsy azo ekena intsony fanambaniana ny mpirakidraharaha, satria tsy mpiasan'ny minisitra ny « greffier » fa mba mpiasa manana ny mahaizy azy eo anivon'ny fitsarana rehetra manerana ny nosy'',* hoy ny Me Randriamaro Alain Michel, filohan' ny sendikàn'ny Mpirakidraharaha eto Madagasikara. Nomarihin'ity mpitarika ity tamin'ny mpanao gazety ny herinandro teo koa fa tsy hanaiky intsony ny fanaovana tsinontsinona azy ireo ny mpirakidraharaha. *"Aleo izahay hitolona mba ho an'ny hasin'ny « Greffier » rehetra ary aleo koa hitaky ny hamerenana ny fitsarana amin'ny tena hasina maha izy ny tribonaly. Araka izany, takianay ny hametrahana minisitry ny Fitsaràna tena mahavita sy mandray fanapahan-kevitra. Takianay koa ny hemetrahana minisitra mahatapa-kevitra, minisitra mamaha olana, satria ny minisitra amin'izao fotoana izao dia efa nampitodra hafatra anay tamin'ny alalan' ny solombavambahoaka iray hoe : tsy manana vahaolana ny fanjakana, satria tsy misy vola, ka raha mihetsika ny mpirakidraharaha dia sazy ihany no homena anay raha mbola misy ny fihetsiketsehana"*, hoy hatrany ny Me Randriamaro Alain Michel, filohan' ny sendikan'ny mpirakidraharaha eto Madagasikara. Raha tsiahivina ny antony mbola itakian'ny mpirakidraharaha ny tombontsoan'izy ireo dia satria marobe ireo tsy nahazo ny ''prime'' tamin'ny faran'ny taona ary nisy koa ny tapaka karama.



**Heriniaina A.**

Fizahantany

# Omena lanja i Ste Marie mandritra ny Paska

Mandritra ny herinandron'ny 4 hatramin'ny 11 aprily 2023 izao, izany hoe mandritra ny fialantsasatry ny paska 2023, dia hotanterahina any Ste Marie, faritra Atsinanana, ny hetsika Nosy Boraha Jazz Festival. Tanjona amin'izany hetsika arakoltoraly izany ny hampahafantarana an'i Ste Marie sy ny faritra Atsinanana iray manontolo amin'ireo mpizahatany. Mpihira vahiny maromaro no ho tonga eto amintsika. Misy ihany koa ireo mpihira avy eto an-toerana hanome lanja izany hetsika izany, toa an'i Denise sy ireo mpihira avy aty Antananarivo. Vao miainga any Antananarivo ireo mpanakanto sy izay vahiny rehetra nasaina dia hisy « carnaval » lehibe iarahan'ny rehetra mizotra amin'ny lalam-pirenena faharoa iny. Hanentana amin'ny fanaovana vakisiny miaro amin'ny covid-19 izy ireo ao Moramanga, toerana hijanonana. Aorian'izay, hampiasa ny zotran-dalamby madarail indray ny "carnaval" avy eo Andasibe hihazo an'Andranofototra. Avy eo indray dia handeha lakana amin'ny lakandranon'i Pangalane indray hatrany Toamasina. Hisy ihany koa ny asa sosialy hotanterahin'ireo fikambanam-behivavy. Entanina ihany koa ireo mpanakanto sy izay mpandray anjara rehetra hitondra boky iray izay atolotra ho an'ny trano famakiam-boky na sekoly izay mila izany. Hetsika iray feno tokoa noho izany ity Jazz festival ity, satria na ny toekarena na ny sosialy na ny koltoraly samy hahazo izay tandrify azy avokoa.

**Nath**

Faritra Bongolava

# Nisokatra ny 2 febroary teo ny taom-pambolen-kazo

"*Izay mamboly hazo mamelona aina, izay mamboly hazo mamelona an'i Madagasikara.*" ! Teny filamatra nentin'ny governoran'ny faritra Bongolava, ny Jeneraly Ramiaramanana Joseph nanokatra ny taom-pambolenkazo, niaraka tamin'ny vahoaka sy ireo sampandraharaham-panjakana ary ireo fikambanana maro samihafa tany an-toerana ny alakamisy 02 febroary lasa teo. Ny alakamisy 9 febroary kosa no nanatanteraka ny fiarahabana sy firariantsoa ho azy nahatratra ny taona vaovao 2023 ireo vahoaka amin'ny kaominina rehetra ao amin'ny faritra sy ireo fikambanana mivondrona ao amin'ny FFB (Firaisankian'ny Fikambanana eto Bongolava). Nandritra izany no nisaoran'izy ireo ny governora tamin'ny fanatanterahana ny vinan' ny Filoham-pirenena, izay nambaran'izy ireo fa efa mipaka eny ifotony. Naneho fahavononana hanohana sy hifanome tanana amin'ny fitondram-panjakana ireto farany ary niantso ny Filoha Rajoelina mba hirotsaka amin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena indray.

**Nangonin'i Niry R.**

Covid-19

# 07 ireo marary vaovao, iray namoy ny ainy

Misy olona 07 marary vaovaon'ny Covid-19 tamin'ny fitiliana 362 natao ny herinandron'ny 04 hatramin'ny 10 febroary 2023 lasa teo, raha ny loharanom-baovao navoakan'ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka. Misy 02 ireo olona marary mafy, manana fahasarotana, ary iray kosa no namoy ny ainy. Amin'izao dia misy 05 kosa ireo mbola tsaboina. Raha iverenana ny antontanisan'ireo olona efa voan'ny coronavirus teto amintsika dia 67849 izao. Ny 67160 amin'ireo hita tamin'ny fitiliana ary ny 689 kosa ireo marary tamin'ny andiany faharoa. 66423 ireo olona nahazo fahasitranana ka manome salanisa 97, 90 isanjato. Ny 1421 tamin'ireo narary rehetra, na 2, 09 isanjato, kosa no tsy nahatohitra ny Covid-19. Hatreto dia fitiliana 524 869 no efa vita manerana ny nosy. Raha tsinjaraina kosa ireo tranga hita eny aloha: ny 04 amin'ireo dia marary teto Analamanga, ary samy nahitana 01 avy tany Boeny, Diana ary Menabe.

**Heriniaina A.**

Vato niteraka resabe

# Nanazava ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany

Lasa resabe ilay vato 90 kilao (Kg) hita tany ampitandranomasina, izay voalaza fa safira avy eto Madagasikara sy lehibe indrindra maneran-tany tamin'ny vato sarobidy nisy hatrizay. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika, dia tamin'ny volana may 2020 no nisy vatosoa milanja 109 Kg nitovitovy tamin'ity farany ity, izay avy any Fotadrevo ary naondrana nankany Slovenia. Nanaraka ny fepetra rehetra araka ny voafaritry ny lalàna amin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany, dia ny fanarahana ny dingana rehetra eo anivon'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika ary ny fandoavana ny tamberim-bidy. Nambaran'ireo injeniera sy teknisianina eo anivon'ny minisitera fa tsy amin'ny lanja no hanasokajiana ny vato iray ho vatosoa na vato sarobidy. Ny "Rubis", "Saphir", "Diamant", ary ny "Emeraude" ihany no azo sokajiana ho vato sarobidy. Amin'ny alalan'ny fenitra efatra no hanamarinana ny maha vato sarobidy ny vato iray, dia ny lokony, ny taratra avoakany, ny tefiny, ary ny lanja manokana ananany. Miavaka amin'ny vidin'ny vatosoa ny vidiny rehefa mahafeno ny fepetra amin' ny maha vato sarobidy azy. Araka izany, nambaran'ireo teknisianina fa vatosoa ilay voalaza fa vato sarobidy avy eto Madagasikara.

**R. Muray**

**A VENDRE**

*Terrain au bord de Route
1 are 65 ca Analamahitsy
*Camion Semi-Remorque
DAF L05460 Très bon état
*Tél :* 034 60 982 03

G-CL430/1-1

**PRIERE MIRACULEUSE**



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

G-CL 429/1-1 13/02/23 NGANE et famille

**À VOUS LA PAROLE**

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Rugby - XXL Energy TOP 20

# Samy manana ny heviny ireo klioba !

Mangataka ny porofo mazava ny amin'ny hoe tena lany ara-dalàna ve ny filohan'ny Malagasy Rugby sa tsia, izay vao tokony haroso ny fifaninanana. Io no nambaran'ny solontenan'ny klioba mifaninana amin'ny TOP20, omaly tetsy amin'ny Malacam Antanimena, nandritra ny tafa nataon'izy ireo tamin'ny mpanao gazety. «Hanontany ny tomponandraikitra isan-tsokajiny izahay, ary mba mangataka ihany koa ny taratasy avy amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, milaza fa Rakotomalala Marcel no lany hitantanana ny Malagasy Rugby. Raha tsy misy izany dia tsy tokony hiatrika taom-pilalaovana aloha, fa hovahana ny olana mandra-pilamina. Niaraka tamin'izy ireto ihany koa ireo solontenan'ny ligimparitra 8, izay nanamafy fa tsy nisy fifidianana aradalàna tao amin'ny federasiona, ary ny Malagasy Rugby dia misy fa ny filoha no tsy ara-dalàna, hoy izy ireo. Nanambara hatrany izy ireto fa tsy voavidy vola, ary tsy manao politika , fa noho ny fisian'ny namany voahilikilika no nahatonga azy ireo hijoro. Nilaza ho manaradalàna sy ny manaraka rafitra moa izy ireto, izay tonga mba hitondra fandaminana. Ankilany, nisy ihany koa ireo klioba sasany efa niatrika ny fivoriana tetsy amin'ny stade Makis, amin' ny hanombohan'ny fifaninanana XXL Energy TOP20. Izy ireto dia tsy mitovy hevitra amin'iretsy tetsy amin'ny Malacam, fa ny hizoran'ny fifaninanana no mahamaika azy ireto. Andrasana hatrany ny tohin'ity disadisa ity, izay inoana fa tsy hitondra soa ho an'ity taranja baolina lavalava ity.

**Rabenaivo**

Rootsikalo

# 15 taona nitondrana avo ny kanto sy ny mozika Reggea

Hankalaza ny faha-15 taona niakarany an-tsehatra amin' iny taona 2024 iny Raherimanana Todisoa Michel, na i Rootsikalo. Ny mozika Reggea no nahafantarana azy nanomboka tamin'ny taona 2009, taona voalohany nanombohany niseho sehatra. Araka ny resaka nifanaovana taminy dia manomana ny fankalazana izy ka hanolotra fampisehoana miavaka etsy amin' ny "Infinity Bar Launge" etsy Tsaralalàna miaraka amin' ny DJ Willy Willaione. "Tiako ho hay" ny loha hevitra entiny manamarika ny fampisehoana. *"Anisan'ny hira ankafizin'ny olona io, noho izy miresaka fitiavana mifanandrify amin'izao fetin'ny mpifankatia izao, ka ny 17 febroary izao hanomboka amin'ny 5 ora hariva no fotoana"*, hoy i Rootsikalo. Tsy latsaky ny 15 ny hira hatolony ny mpankafy amin' io fotoana io. Hira manambara fitiavana sy firaisankina avokoa ny ankamaroany ary misy ireo hira vaovao mbola tsy henon' ny mpankafy, ka amin'io fotoana io no hanolarany azy. Santionany amin'izany ilay hira hoe "Tsara kokoa", "Misamaritaka, "Melisa". Amin'izao fotoana izao ihany koa dia tsy nionona fotsiny tamin'ny Reggea Rootsikalo fa efa misokatra amin'ny gadona hafa ihany koa. Anisan'ny nahafantaran'ny maro azy ilay hirany hoe "Tsio-drivotra", "Ingah Polisy", "SMS". Tsy teto Madagasikara ihany fa hatrany ivelany ihany koa, satria dia i Rootsikalo no nisolo tena an'i Madagasikara mikasika ny "Music Reggea". Ny taona 2013 ohatra dia nasaina nandritra hetsika "Uprising Festival Hommage à Bob Marley" tany La Réunion, tao Sainte Rose sy Saint Denis, izy. Ny taona 2017 no niverina tao La Réunion momba ny "Compilation de l'Ocean Indien". Aorian'ity etsy Tsaralalàna ity moa dia hitohy any Antsirabe miaraka amin' i Stann'Jah sy Mems Akademia ny 26 febroary ao antin'ilay hetsika School Days.

**Tiaray R**

FJKM Masinandriana - MTEM Fanasina 200éme

# Misokatra ho an'ny rehetra ny fifaninanana hira ara-pilazantsara

Miditra amin'ny andiany faha-3 amin'izao fotoana izao ny fifaninana hira ara pilazantsara karakarain'ny Mpanazava sy Tily eto Madagasikara (MTEM) Fanasina 200éme, ao amin'ny FJKM Masinandriana Ilafy. *"Asandrato avo ny Anarany amin' ny alalan'ny feo"* no teny filamatra entin'izy ireo manamarika izany. Tsy misy fanavakavahana fa afaka mandray anjara amin'ity fifaninana ity avokoa ny rehetra. Araka ny fanazavana, nandritra ny resaka ho an'ny mpanao gazety ny asabotsy teo dia fidirena an'Anadrimanitra no atao, ka ny feo sy ny firafitry ny hira no tena hitsarana ny mpandray anjara. Mety daholo na olon-tokana, na olon-droa na tarika iray manotolo mihitsy. Manomana hira iray tsy misy zava-maneno (a capella) sy hira iray miaraka amin'ny zava-maneno atao "play back" ny mpandray anjara. Ao amin'ny FJKM Masinandriana Ilafy ny 18 sy 19 febroary izao no manomboka ny fisoratana anarana ary ny 19 febroary hariva dia efa manomboka sahady ny fifanintsanana ka amin' ny alalan'ny fisarihana no hanendrena izay mihira voalohany. Ny 26 febroary manomboka amin'ny 2 ora tolakandro no hanatanterahana ny famaranana, ao amin'ny FJKM Masinandriana ihany. Ankoatra ireo loka samihafa dia omena hira iray izay mpandresy. Tamin'ny andiany faharoa dia maro ny mpandray anjara fa ny MTEM avy ao amin'ny FJKM Manjakaray no nahazo ny laharana voalohany.

**Tiaray R**

Kitra - "Orange Pro-League"

# Nandresy avokoa ny Mama Fc, Disciples Fc ary ny Uscafoot

Niverina indray ny fifaninanana "Orange Pro-League" ny faran'ny herinandro teo, ho an'ny taranja baolina kitra. Isan'ny nahazo fandresena 3 no ho 1 ny Mama Fc raha nihaona tamin'ny Jet Kintana. Efa nitarika 3 no ho 0 ny ekipan'ny trano fiantohana, tamin'ny alalan' ny baolina tafiditr'i Gildas (38'), Rico(51') ary Njakatiana(61'). Baolina nampidirin'i Rindra tao anatin'ny haratony ihany kosa taty amin'ny minitra faha-71 no nitokoan'ny Jet Kintana. Nisaraka ady sahala 2 no ho 2 kosa ny As Fanalamanga sy ny Tia kitra, ka teo amin'ny minitra faha-16 no nanokatra ny isa ny ekipan' Alaotra Mangoro, tamin'ny alalan'i Elefoni, ary efa tany amin'ny minitra faha- 94 kosa izy ireo no nahatafiditra ny baolina faharoa sy nanasahalana ny isa, tamin' ny alalan'i Thierry, izay namono tena. Ry zareo Tia kitra moa no nanokatra ny isa, teo amin'ny minitra faha- 11(penalty), tamin'ny alalan'i Christiano, ary nampian'i Stephane ho roa(93'). Lavon'ny Disciples Fc, tamin'ny isa 3 no ho 2 kosa ny Zanakala, ka i Tendry (4') no nahatafiditra ny baolina voalohany, izay nampian'i Tsila (11' - 79') roa . Ry zareo Zanakala kosa no nampiditra ny baolina voalohany (7') Fabrice, nampian'i Aubin ho roa izany taty amin'ny minitra faha-34. Niondrika tamin'ny isa 1 no ho 3 nanoloana ny Uscafoot kosa ny Ajesaia, ka na dia nanokatra ny isa aza i Ando(15') dia nosahalan'i Lucas(26') izany ary mbola nampian'i Tsila (37' – 71') baolina roa.

**Rabenaivo**

HOTSAKOTSAKOINA

«Ny irery dia mafaitra, fahanginana tsy laitra , kanefa fotoana andrenesana ny feon'ny fieritreretana. Izany dia mila faharetana.»
Ny Vetso (14.11.13)
(«Dans le silence et la solitude, on n'entend plus que l'essentiel.»
Camille Belguise)

EKAR - Diosezin'i Mahajanga

# Tafapetraka amin'ny toerany ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz

Sorona masina lehibe teo anoloan'ny katedraly ao Mahajanga no nanamarihana ny fametrahana ny maha eveka tompon-toerana eto amin'ny diosezin'i Mahajanga ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz omaly. Izy izany no eveka tompon-toerana faha-6 ho an'ny diosezin'i Mahajanga hatramin'izay 125 taona nijoroany izay. Eveka nitantana ny diosezin'i Morombe ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz, talohan'ny nanendren'ny Papa François azy ho evekan'ny Diosezin'i Mahajanga. Tonga nanotrona ity sorona masina ity ireo eveka rehetra eto Madagascar mandrafitra ny fivondromben'ny eveka eto Madagasikara, nampian'ny "Nonce apostolique de Madagascar", Mgr Thomas Grysa. Anisan' ny nanamarika izany ny fahatogavan'ny Filoham-pirenana sy ireo tompon'andraiki-panjakana isan'ambaratongany sy ireo Ampanjaka eo anivon'ny faritra ary ny krisitianina maro manerana ny diosezy. Teny filamatr'izao fety ara-pinoana eo amin'ny Eglizy Katolika Apostolika Romana any andrenivohitr'i Boeny izao dia ny teny ao amin'ny Evanjely Masina nosoratan'i Md Joany 17- 17: *"Ankamasino amin'ny fahamarinana izahay, ny Teninao no fahamarinana."*

Marihina fa ny alakamisy 9 febroary dia efa nanomboka ny hetsika rehetra amin'izao lanonana ara-pinoana izao teo anoloan' ny lapan'ny tanana, nisy fanentanana lehibe miaraka amin'ny antoko mpihira rehetra. Ny zoma fitsenana ny eveka rehetra teny Amborovy ny sabotsy 11 febroary, tamin'ny 7 ora hariva, dia nisy ny alim-bavaka narahina fijoroana vavolombelona, sy antsam-panahy lehibe.

**Tiaray R**

Basket

# Voafantina hiofana any Etazonia i Mathias M'Madi

Hotanterahina any amin'ny Salt Lake City-Utah Etazonia Amerika, ny 17 hatramin'ny 19 febroary ho avy izao, ilay "BWB Global Camp", eo amin'ny taranja Basket. Mpilalao 40 sangany avy amin'ireo firenena miisa 27 avy eto Afrika, Azia, Amerika ary Eoropa no hiatrika ity programa maneran-tany momba ny fampandrosoana ny Basket ity, ka voafantina anatin'izany ilay Malagasy, Mathias M'Madi. Tafiditra indrindra ao anatin'ny hetsika "NBA All Star 2023" ity andiany faha-7 ity, ka hampita ny fahaiza-manaony. Teknisiana maro avy amin'ny NBA sy FIBA, miampy mpilalaon'ny NBA mpandray anjara amin'ny "NBA All-Star 2023" no miara-misalahy manome fiofanana ho an'ireo mpilalao tanora mandray anjara amin'ny "BWB GLOBAL CAMP 2023". Hisy ny fanofanana momba ireo teknikan'ny basket avo lenta, ao koa ny fampiofanana momba ny fampidirambaolina sy fifehezana ny lalao. Hisy hatrany ny fifanakalozana eo amin'ireo mpiofana, ka inoana fa hampivelatra bebe kokoa an'ity mpilalao malagasy ity izany.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-7)

### MIVIDY

* Mividy lamba, kiraro, poketra, fanaka, debara, frigo, TV. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 464/6-6)

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-9)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 467/4-3)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-7)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 465/6-6)

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 468/7-4)

Andavamamba

# Maty voatsatoka antsy teo ambany heliny i Allan kely

Vono olona niniana natao no nitranga tetsy Andavamamba tamin'ny zoma lasa teo. Tsy nisy zavatra nalainy na nentin'ireo jiolahy fa namono olona dia nitsoaka nandositra. Nanontany ny fitoeram-bola ihany izy ireo kanefa tsy naka na inona na inona. Roa lahy nanao "capuchon" no nahavanondoza, ary efa tafiditra mialoha tao an-trano izy ireo. Nitondra antsy ireo olon-dratsy ka io no namonoany ny zazakely antsoina hoe Allan. Ilay zokiny kosa tapaka ny tanany sady voakenda no voavely zavamaranitra. Ilay mpanampy tao an-tranon'izy ireo ihany koa nofatoran'ireo jiolahy ny vavany. Tao amin'ny tokantrano iray tetsy Anjezika II Andavamamba ity asa ratsy ity. Zazalahy kely 10 taona antsoina hoe Rakotozafy Maherinjaka Alain, na I Allan, no namoy ny ainy. Tsy nisy nahita ny nidiran' ireo jiolahy tao an-trano fa ilay mpanampy no voalaza fa lasibatra voalohany. Notolomin'ireo jiolahy ity mpiasa ity ka ny ankanjo nanaovany no norovitina sy namatoran'ireo jiolahy ny vavany. Nopihin'ireo olon-dratsy ny kaonteran'ny jiro. Taorian' izay no niditra i Allan rehefa avy nilalao kanety teny an-tokontany. Ambony rihina mantsy ilay trano ka vao tafiditra ity ankizy ity dia gaga fa maizina be ny trano. Avy hatrany dia nakapok' ireo jiolahy tamin'ny tany anefa ny lohan'ilay zaza ary notsatohin'ireo tamin'ny antsy ny heliny havanana. Maty tsy tra-drano i Allan kely ary nihintsana mihitsy ny nifiny noho ilay fampianjerana nanaovana azy.



Ilay zaza nisy namono.

### Tsy nahatsiaro tena

Niditra ny trano ihany koa ilay zokiny vavy rehefa naheno kotaba. Iny nikasa handrehitra jiro iny izy no avy hatrany dia nokendain' ireo jiolahy sady nakapok' ireo tamin'ny tany. Nidona tamin'ny kibon'i Allan ity zokiny ity ka torana tsy nahatsiaro tena ihany koa. Tapaka mihitsy moa ny tanany voatsatoka antsy. Lasa nitsoaka ireo olon-dratsy taorian'izay ary anisan'ny latsaka teo ivelan' ny trano ny antsy nentiny. *"Tsy nisy zavatra very tao . Roa lahy nanao "capuchon" no namono anay, saingy tsy hitako tsara ny endriny satria maizina ny tao an-trano"*, hoy ny fanazavan'ny zokin'i Allan, rehefa nanontanian'ny mpanao gazety. Efa misy ny olona voasambotra amin'ity raharaha ity. Ny polisy avy ao amin'ny sampana heloka bevava no mandray an-tanana ny tohiny. Anisan'ny notazomina hatao famotorana ilay mpanampy sy ny lehilahy iray ahiahiana ho anisan'ny nandray anjara tamin'ilay asa ratsy. Nahitana rà ny akanjo tao an-tranon'ity farany rehefa nosavain'ny polisy. Ahiana ho valifaty ilay tranga satria voalaza fa mpanohana ny fitondrana ny renin'i Allan.

**Ariel D.**

67 Ha

# Mpanafika "cash-point" lavon'ny bala

Jiolahy iray nitam-piadiana no lavon'ny balan'ny polisy tetsy 67Ha,omaly alina. Raha ny fanazavana dia olon-dratsy mpanao fanafihana mitam-piadiana izy ity ary indrindra malaza ratsy amin'ny resaka fanafihana "cash-point". Rehefa nifanenjehana dia voatifitra ary nandritra ny fisavana azy no tratra tany aminy ny antsy lava fampiasany rehefa manafika. Polisy manao fanamiana sivily, misafo ny tanàna amin'ny alina no nifanena taminy. Andian-jiolahy nitondra moto ireo olon-dratsy ireo ary efa narahina hatreny Ampasika. Taoran'ny fifanenjehana dia lavon' ny bala ilay anankiray niaraka tamin'ny antsy lava fa mbola tafatsoaka kosa ny namany niaraka taminy tamin'ny moto ireo. Mbola mitohy hatrany ny fikarohana.

### Nirongo basy

Ankoatra ity dia nahasambotra jiolahy roa ihany koa ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria "central" Atsimondrano tamin'ny alarobia lasa teo, tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany maraina. Voasambotra teny Andoharanofotsy ireto olon-dratsy izay fantatra fa nanao fanafihana mitam-piadiana teny Manandona Ambohijanaka, tamin'ny sabotsy tapa-bolana lasa izay. Maromaro nirongo basy izy ireo no namita izany asa ratsy izany. Rehefa nenjehina dia tsy nisy voasambotra, saingy nitohy hatrany ny fikarohana ka izao tratehaka izao ny roa lahy.

**Ariel D.**

Ambohijatovo

# Mpisoloky milaza ho kaomisera, maka volabe aman'olona

Mpitatitra fiarakaretsaka indray ity milaza azy fa kaomisera ity entina misoloky olona. Betsaka no efa lasibatry ny asa ratsiny, nahazoany volabe mihitsy. Fanampiana izay olona manana raharaha eny anivon'ny polisy no entiny mamitaka olona. Izany hoe milaza azy ho kaomisera izy amin'izany ka roboka ny olona. Noho io dia nisy ny fitarainana voarain'ny polisy. Rehefa natao ny fikarohana dia voasambotra ilay lehilahy, 48 taona, ary natolotra ny fitsarana. Ny kaomisarian'ny boriborintany faharoa etsy Ambohijatovo no nahazo ity mpisoloky ity. Vesatra telo no niampangana azy dia ny fivadihampitokisana amin'ireo olona efa nangalany vola, fisolokiana, ary ny fisandohana andraikitra. Toy izao ny fanaon'io lehilahy mpisoloky io. Milaza amin'ny olona izy fa kaomisera miasa ao amin'ny polisy misahana ny ady heloka bevava, na ny *"Brigade Criminelle"* sakelika fahefatra etsy Anosy.

### Tsy hita izy

Angalany vola an-tapitrisany ireo olona solokiany manana afera amin'ny heloka bevava. Milaza izany izy fa afaka manavotra ireo olona voarohirohy na hadihadiana ao amin'ny "BC4". Rehefa azony ny volan' olona dia tsy hita izy ary tsy vitsy fa efa maro ireo efa tratrany amin'izany. Misy aza ny sasany anaovany fanamparam-pahefana mihitsy amin'izany fisandohana andraikitra lazainy izany. Marihina fa mpamily fiara karetsaka io lehilahy io fa tsy kaomisera velively araka ny filazany. Natolotra ny fampanoavana ny zoma teo izy ka naiditra vonjimaika miandry fitsarana eny amin'ny fonjan' Antanimora.

**Ariel D.**

Ambatomalaza Ambohimalaza

# Mpivady 75 taona notafihan'ny 8 lahy nirongo basy

Lasibatry ny fanafihan-jiolahy tao amin'ny fokontany Ambatomalaza Ambohimalaza ny alakamisy 9 febroary 2023 lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Nahatratra ora roa be izao ireo jiolahy nanatanteraka ny asa ratsiny izay nampihorohoro sy nandrahona tamin'ny basy sy sabatra, nafatony sy notapenany vavan'ireo mpivady ary nobedainy tamin'ny maha lehilahy azy rangahy avy eo nadarabony tamin'ny tany sy notereny nanoro ny toerana misy ny vola sy zava-tsarobidy tao an-trano. Lasa tamin'izany ny vola 1 400 000 Ar, televiziona, « panneau solaire » peratra mariazy, ny entam-barotra tao an-tsena, foana avokoa ny kely nisasarana nandritry ny taona maro. Hatramin'ny rakitra sy vola tao anaty Baiboly noraofin'ireto olon-dratsy ireto avokoa. Efa nisy dingana natao mikasika ny fitorina ny ampitson'ny zava-niseho kanefa tsy mbola nisy tohiny hatreto ka hanairana ny tomponandraikitry ny filaminana satria miravirary tanana ny mponina amin'ny tsy fandriampahalemana ary mandry andriran'antsy sy mitaitain-dava.

**Mamie**

Ankadindratombo - Loza mahatsiravina

# Olona 3 voatsindrin'ny kamiao mpitatitra ranon-tany

Potika tsy nisy noraisina ilay fiara be mpitatitra ranon-tany niharan'ny lozam-pifamoivoizana tetsy Akadindratombo, omaly maraina tokony tamin'ny 7 ora tany ho any. Olona 4 no naratra mafy vokatr'izany fiara be. Ny telo dia olona voatsindrin'ilay fiara be. Iray kosa dia ilay mpamily an'io fiara io. Nahatsiravina ny tranga satria ankoatra ny rà nandriaka dia tsy nisy noraisina ilay kamiao. Ahiana ihany koa ny ain'ireo naratra ireo, anisan'izany ireo vehivavy roa izay voalaza fa mpianatra eny Akatso. *"Niala lavaka ilay kamiao ka tsy nahafehy ny familana intsony noho ny fandehanana mafy loatra sy ny vesatra. Mazava ho azy raha tsy voafehin'ilay mpamily ny fiarany, satria mavesatra loatra ilay ranon-tany nentiny. Avy any atsimo sahala amin'ny hoe avy any lavoloha izy no ankany Ambohimangakely iny. Tonga teo amin'ny "rond point" akaikin'ny "domaines" izy no tra-doza. Nifatratra tamin'ny andrin-jiro ilay fiara ary avy eo nandona ireo olona izay nipetraka teny amin'ny sisindalana. Tsy nisy ny aina nafoy hatreto fa voa mafy kosa ireo naratra ireo. Marihina fa akaikin'ity toerana nisy loza ity teo ny kaomisarian'ny polisy ary nisy polisin'ny famoivoizana nandamina tamin'io fotoana io. Araka izany dia vetivety ireto mpitandro ny filaminana no namonjy haingana an'ireo naratra ka nitondra azy any amin'ny hopitaly Hjra"*, hoy ny loharanom-baovao voaray.

### Fitaterana ranon-tany

Andrasana ny fanadihadiana lalina amin'ity raharaha ity. Ankoatra ny lozam-pifamoivoizana dia anisan'ny niteraka resa-be ny mikasika ilay ranon-tany. Fandikan-dalàna ihany koa mantsy ny manotoatra tany amin'izao fotoana izao ary mbola voarara ho an'ny kaominina Antananarivo renivohitra. Izany ny hoe mety hitatra ny sazin'ilay mpamily sy ny tompon'ny fiara. Fanontaniana mipetraka ny hoe tomponandraikitra iza ary avy aiza no nanome alalana an'ilay kamiao hitatitra ranon-tany ? Marihina fa maro ny fanotorana hita eto andrenivohitra kanefa toa tsy misy miteny akory izy ireny. Ny polisy no mandray an-tanana ny tohin'ilay loza.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Kalasoa**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy mandre**




## Masoandro miposaka

**Jeremia 15 : 10**

"Lozako, ry neny, ny niterahanao ahy, Izay lehilahy ilana ady sy fifandirana eny amin'ny tany rehetra! Tsy nampanàna vola aho, ary tsy nisy nanàna vola tamiko, nefa ozonin'ny olona rehetra ihany aho."


## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Raha mihavana aminay, aza milela-tanana.**

Si vous voulez être de nos amis, ne vous léchez pas les mains.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2879

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 3 | | | | | 6 | | |
| 5 | | 4 | | 9 | | | | 8 |
| | | 2 | | | | 9 | 4 | |
| | | | | | | | 9 | 6 |
| | 2 | 6 | | 7 | | | | |
| | | 3 | 4 | 5 | | 1 | | |
| | 5 | | 8 | | 9 | | | 1 |
| | | | | 1 | 3 | | | |
| 8 | | | | | | | | |

Valin'ny laharana 2878

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 3 | 5 | 8 | 9 | 7 | 6 | 2 | 1 |
| 6 | 2 | 8 | 1 | 4 | 3 | 5 | 7 | 9 |
| 7 | 9 | 1 | 6 | 5 | 2 | 4 | 8 | 3 |
| 8 | 5 | 2 | 3 | 6 | 9 | 1 | 4 | 7 |
| 1 | 7 | 9 | 2 | 8 | 4 | 3 | 6 | 5 |
| 3 | 4 | 6 | 5 | 7 | 1 | 2 | 9 | 8 |
| 5 | 1 | 4 | 7 | 2 | 8 | 9 | 3 | 6 |
| 9 | 8 | 3 | 4 | 1 | 6 | 7 | 5 | 2 |
| 2 | 6 | 7 | 9 | 3 | 5 | 8 | 1 | 4 |

Hery Rajaonarimampianina

# "Maika ny fijerena ifotony ny maharary ny vahoaka isam-paritra"

Mety ho diso fanantenana ve Ing. Hery Rajaonarimampianina sa efa nampoiziny ny fandehan-javatra rehetra tamin'iny fahatongavany teto an-tanindrazana ny sabotsy teo iny ? Raha ny zava-nisy mantsy, tsy araka ny fanentanana sy ny antsoantso tamin'ny haino aman-jery ny isan'ny mpanara-dia tonga nitsena azy teny Ivato. Mpitandro ny filaminana no nameno ny arabe. Dia tsy hay na noho ny naha sabotsy ny andro na tena tsy fahavitrihana fotsiny tsotra izao no tsy naha maro ny olona tonga nitsena azy. Niharihary tamin'izany ny hoe firy ary iza no tena mbola manohana azy ka tena vonona hiara-mientana sy hiaramitolona aminy. Na izany na tsy izany, tazana teny amin' ny seran-piaramanidina ny birao politika notarihan-dry Rivo Rakotovao sy minisitra vitsivitsy tamin'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina. Niandry teny Andraharo misy ny foiben-toeran'ny antoko kosa ny mpikambana sasantsasany sy ry zareo avy eo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra, Vondrona Panorama ary CLera. Etsy andanin'izany, tsy niandry ela fa ny sabotsy teo ihany dia nampahafantatra ny antony niverenany sy ny ho tohin'ny programany ity Filoha teo aloha ity.

**Hanakiana ny mpitondra**

Niverimberina tamin'izany ny hoe tsy sanatria tonga hanakorontana na hanakiana ny mpitondra fa kosa hitondra hery sy fanantenana vaovao ho an'ny Malagasy. Mikasika ny fandaharam-potoanany indray, nanambara Ing. Hery Rajaonarimampianina fa tsy hionona amin'ny tatitra mampiseho ny fahantrana lalina eto Madagasikara tonga any aminy ny tenany fa hidina ifotony mihitsy hijery ny zava-misy iainan'ny vahoaka manerana ny Nosy. "*Hanomboka hitafa mivantana amin'ny Malagasy sy hiditra an-tsehatra amin'ny famoriam-bahoaka isam-paritra ny tenako* », hoy ity filoha teo aloha ity tamin'izany. Farany, na dia mbola tsy nanambara ny maha kandidà azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena hotanterahina amin'ity taona ity aza Ing. Hery Rajaonarimampianina raha nigadona teny Andraharo ny sabotsy teo dia fantatra ihany fa manomana fatratra izany ny tenany amin'izao fotoana izao. Hita ho miezaka mameno ireo fepetra rehetra hahafahana milatsaka hofidianana ny tenany. Isan'izany ny tsy maintsy hijanonana eto an-tanindrazana enim-bolana mialoha ny daty farany hametrahana ny taratasy filatsahan-kofidiana.

**Mamy R.**

Filoha Andry Rajoelina

# Nitondra tohana ara-tsosialy ho an'ny mponina tao Ambatoboeny sy Mahajanga

Taorian'ny distrikan'i Marovoay ny herinandro lasa teo dia anjaran'ny tao amin'ny distrikan'Ambatoboeny, ao amin'ny faritra Boeny, indray no nandray ny Filoha Andry Rajoelina ny faran'ny herinandro teo. Tamin'izany no nitondrany tohana aratsosialy ho an'ireo mponina niharam-boina vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso. Tafiditra ao anatin' izany ny fizarana lelavola 120.000 ariary isaky ny tokantrano. Manomboka ny 27 febroary izao no hizarana izany ka tokantrano 2570 any an-toerana no hisitraka izany. Ankoatra ny fanampiana ho an'ny mponina dia ny mahakasika ny lalana, ny fahasalamana, ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, sy ny famatsiana herinaratra no votoatin'ny kabarin'ny Filoha tao Ambatoboeny. « *Hitanay fa betsaka ireo tanimboly dibodrano ankehitriny. Noho izany dia ny fanomezana masomboly ho an'ireo mpamboly no ataontsika voalohany*", hoy ny Filoha. Nanome toromarika ny tenany mba hanamboarana ny lalana any an-toerana. Tahaka ny efa nataony tany amin'ny distrika hafa, notolorany moto tsirairay ireo ben'ny tanàna rehetra ao amin'ny distrikan'Ambatoboeny.

**Nankahery sy nirary soa**

Tonga tao Mahajanga indray ny Filoha Andry Rajoelina taorian'io. Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina noho ny fandalovan'ny rivodoza izy. Notsindriany manokana teto ny resaka fahasalamana. Antony nahatongavan'ny "caravane médicale" izany. Mikasika ny fanatanjahantena, dia nambaran'ny Filoha fa ho vita tsy ho ela ny "gymnase" manara-penitra ao Mahajanga. Nambaran'ny Filoha Andry Rajoelina ny fitsidihana tao Mahajanga ny fanatrehany ny lamesa lehibe nametrahana amin'ny toerany ny eveka vaovao, ny Mgr Zygmunt Robaszkiewicz, ho an'ity diosezy ity. Nankahery sy nirary soa ny eveka vaovao ny tenany mba hahatontosa antsakany sy andavany ny andraikiny amin'ny maha eveka azy. Nankasitraka sy nirary soa ary nankahery ny Eglizy Katolika manerana an'i Madagasikara ihany koa ny Filoha.

**JUDD**

TIM Alasora Avaradrano - Fifidianana filoha 2023

# Vonona hampandany an'i Marc Ravalomanana

Fahombiazana no ilazana ny fihaonan'ireo mpikatroka TIM Alasora sy Avaradrano izay notronin'ny filohan'ny antoko, Atoa Marc Ravalomanana sy ireo birao politikan'ny TIM tetsy amin'ny espace Iandy by pass, ny sabotsy tolakandro lasa teo. Mazava ny toromarika ho an'Avaradrano dia ny hampandresy an'i Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy. Nanambara ny ben'ny tanànan'Alasora, Jimmy Randriantsoa, mpirakarakara ny hetsika, *fa "Taom-pandresena ny taona 2023 ary fihodinana voa-lohany ihany dia vita"*. Maro ireo vahiny avy any amin'ny faritra tonga nanotrona sy nifampirary soa noho ny nahatrarana ny taona vaovao 2023. Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon' izy ireo dia niraisan'ny rehetra ny fandraisana toromarika, ny fahavononana hampandaniana ny kandidan'ny antoko TIM, fampirisihina ny olona hisoratra sy hanamarina ny anarany ao anatin'ny lisitry ny mpifidy. Ny hita teny antoerana dia hipoka olona ny efitrano ary nisy ireo tsy tafiditra ka voatery nihaino kabary teny ivelany. Marika izany fa vonona sy matanjaka ny TIM Avaradrano. Nanamarika i Marc Ravalomanana fa miatrika fahantrana isika izao, mivonona fa handresy ny fahantrana ary nampanantena ny fitsinjovana ireo vehivavy sy ny tanora, satria miantoka betsaka amin'ny fampandrosoana ny firenena. Hita taratra tamin'ity fihaonana ity ny fahavononan'ny antoko TIM amin'ny fifidianana rehetra ho avy ary matoky tena sy tsy hanaiky lembenana amin izay mety ho sakantsakana.



**Nampiseho hery ary taom-pandresena ny 2023 ho an'ny ny antoko TIM.**

**Mamie**

## Marina izany !

### Lefy sahady !

**Mihazakazaka ny raharaha eto amin'ny firenena ! Raha nafana fo niara-nientana tamin'ny Barea ny Malagasy nandritra ny niatrehan'izy ireo ny CHampionnat d'Afrique des Nations (CHAN) sy tamin'ny fahatongavana teto an-tanindrazana nanomboka teny Ivato ka hatreny Mahamasina tamin'ny alahady, tsy omaly fa tamin'ny heriny, toa lefy sahady ilay fiombonam-po sy fiaraha-mientana teo amin'ny fanandratana ny voninahi-pirenena ! Ny raharaha politika indray no mibahana eo amin'ny fiainam-pirenena nanomboka tamin'ny namoahan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana ny tetiandro hanaovana ny fifidianana filoham-pirenena. Asa moa raha fifanandrifian-javatra na ahoana fa teo ny fahatongavan'ny filoham-pirenena teo aloha an-tanindrazana ankilany ary andaniny ny fidinan'ny Filoham-pirenena tany amin'iny faritra andrefan'i Madagasikara iny nizara fanampiana ho an'ireo nizaka ny mafy noho ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso sy ny fanolorana moto ho an'ireo ben'ny tanàna izay tafiditra amin'ny hetsika sosialy ataon'ny fitondrana. Anivon'izany rehetra izany, mitohy ny fitakiana samihafa ataon'ny antoko politika manodidina ny fanavaozana ny lisi-pifidianana. Samy tamin'ny faran'ny herinandro lasa ireo no niseho. Eo ampiandrasana ny fankatoavan'ny governemanta ilay tetiandrom-pifidianana hivoahan'izany amin'ny alalan'ny didim-panjakana izany rehetra izany no miseho, toy ny efa mampiditra sahady amin'ny rivo-pifidianana. Tsy fiaraha-mientana no mitady hahazo vahana fa ny samy maka ho azy hahazoana ny fahefana amin'ny fametrahana paikady sy ny fanatonana ny vahoaka amin'ny endrika samihafa, na dia raharaha iombonana tokony hanaitra ny fiaraha-mientana aza ny fifidianana. Fiaraha-mientana hampandroso ny firenena ary indrindra indrindra hiadiana amin'ny fahantrana !**

Herivonjy RAJAONAH

Lisitry ny mpifidy vao nohavaozina

# Mitaky ny hanaovana fitsirihana ny TIM

Fanaovana fitsirihana ny lisitry ny mpifidy vao nohavaozina, fikarakarana fivoriambem-pokonolona hamakiana ampahibemaso ny lisitry ny mpifidy, fanatanterahana fanavaozana manokana ny lisitry ny mpifidy aorian'ny famaranana ny fanavaozana manontolo manomboka ny volana jolay 2023, famelana malalaka ny antoko politika sy ny fiarahamonim-pirenena hanao ny fanentanana ny vahoaka na amin'ny alalan'ny famoriam-bahoaka na amin'ny alalan'ny haino aman-jery manerana ny Nosy, fametrahana sehatra maharitra eo anivon'ny CENI hahafahan'ny rehetra mifampidinika sy mifanakalo hevitra amin'ny fotoana rehetra ho fanatsarana ny zotram-pifidianana. Ireo no fitakiana sy sosokevitra naroson'ny teo anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara taorian'ny namaranan'ny CENI ny fanisana isan-tokantrano ho fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy. Notsindrian'ny TIM manokana tamin'izany ny mikasika ny fanaovana fitsirihana, na « audit », ny lisitry ny mpifidy vao nohavaozina ary tokony handraisan'ny herivelona rehetra anjara. Momba izay fiomanana amin'ny fifidianana izay hatrany, mahatsikaritra ny antoko TIM fa mitombo ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao. Isan'izany, araka ny fanambarana nataon'ny TIM teny Alasora ny sabotsy teo, ny fampiasana ny fitaovam-panjakana sy ny volam-panjakana ary ny mpiasam-panjakana amin'ny fanaovana fampielezankevitra alohan'ny fotoana. Koa mitaky ny hampitsaharana izany izy ireo.

**Mamy R.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 934 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Akondro atao baolina

**Zavatra ilaina** : akondro manta 1 kilao sy sasany, voatabia 2 voatetika, tongolo be 2 voatetika, tongolo gasy hasiny 4 voatetika, persila fehezany 1 voa-tetika, lafarinina izay ampy, menaka sy sira izay tiana.

**Fikarakarana azy** : andrahoina amin'ny hodiny ny akondro. Voasana rehefa masaka dia potsehina. Afangaro daholo ny akondro, ny voatabia, ny tongolo roa karazana, ny persila ary ny sira. Anesorana 1 sotro ny "pâte" azo dia andramana endasina. Raha tsy mipasapasaka dia tohizana ny fanendasana. raha mifanohitra amin' izay kosa hoe lasa mipasapasaka dia ampiana lafarinina iray kaopy eo ho eo ny "pâte" vao endasina.



LALAO
TiakoIanao
06-13 Februoary
MANDEFASA VOLA DIA MAHAZOA
1.000.000Ar
HANAOVANA WEEK-END
St Valentin
TSINDRIO NY #111*1*2# NA AMPIASAO NY APP
Ataovy description : Tiakolanao
MIARA-DALANA AMIKO
ISAN'ANDRO
MVola
* Lalao ambany fanaraha-mason'ny Police des Jeux. Transactions milsa 03 no ho sarihana. Fisarihana ny 14 Februoary mivantana eo amin'ny pejy Facebook MVola - n° SEL/010/DG/23
MCL 8606/1-1